

AMPASANIMALO

RAIM-PIANAKAVIANA HITA FATY NIHANTONA TAO AN-TRANONY

Gazetiko

www.gazetiko.mg

MARINA IZANY !

MIFAMPIANDRIANDRY !

HERY RAJAONARIMAMPIANINA

NAMETRAKA

FEPETRA

MIALOHA NY

HANAMBARA-

NY NY MAHA-

KANDIDA AZY



Laharana 7633 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary

Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 02 aogositra 2023

ASIEF - TOMPONDAKAM-PIRENENA



**NALANA TSY HO MPI-
FANINANA INTSONY NY
CUA SY NY DR TOURISME**

"ALLÉE DES BAOBABS"

**ISAN'NY TOERAM-
PIZAHANTANY 10 TSARA
INDRINDRA ETO AFRIKA**

BORIBORINTANY FAHADIMY



**MPONINA 1 600
NOMENA VARY TSINJO**

RAHARAHAKALOREA

**MPIASAN'NY MINISITERAN'NY FAMPANARANA
AMBONY AVOKOA IREO NAIDITRA AM-PONJA**

IRAKY NY SADC TETO



**MIANTSO NY HCC SY NY CENI HANAO EZAKA
BEBE KOKOA HAMPADIO NY FIFIDIANANA**



**SALON DE
L'ÉTUDIANT**

24-25-26 AOÛT 2023

**DE 8H30 À 17H
PARVIS ANALAKELY**

AU PROGRAMME :
RECRUTEMENTS
ATELIER RH
CONFÉRENCES



ENTRÉE GRATUITE

CONTACT : 034 27 768 79 / 034 16 600 66

GCL 560/26-2

Lanja Babeine sy ny ekipany

Hiverina hampikakakaka ny mponin'i Bemasoandro Itaosy indray

Raikitra indray ny IKK (Itaosy Kaomedy Klioba). Miditra amin'ny andiany fahefatra izao ity hetsika tanterahin' ireo mpanao hatsikana ao amin'ny Le Park Bemasoandro Itaosy ity.

"Andao IKK" i. Amin'ny sabotsy 5 aogositra manomboka amin'ny 3 ora folakandro indray ny fotoana. Fihaonana fanao isaky ny sabotsy voalohan'ny volana izy io, ary tsy diso anjara

amin'izany hatrany i Lanja Babeine. Anisan'ny mpanao hatsikana tsy manadino ny lkk hatramin'izay andiany rehetra nifanesy tao an-toerana izay ny lehilahy. Na tsy voasoratra mialoha anaty afisy aza ny tenany dia tonga hatrany izy manome aina ireo mpialavoly anatin'ny lkk ao an-toerana. I Lanja Babeine rahateo anisan'ireo mpiangaly hatsikana manana ny lazany ary azo ambara fa hanana ny ho aviny raha ny talentany no asian-teny. Anisan'ny mampivavaka azy ny famoronana hatsikana tampotampoka miainga amin'ny mpijery sy ny zava-



misy eo am-piakaran'ny sehatra eo. Ary io fahaizany sy talentany io no tena ankafizany ny maro azy hatramin'izay.

Andriambavilanitra

Fa ankoatra an'i Lanja Babeine, (bandy tamin'ny fanjanahantany). Ho tonga hifanotrona sy haneho ny talentany ihany koa i Deds Clodio sy Hasimbolaniaina ary Mihora Andrianina. Samy efa nitondra ny fahaizamaony tao an-toerana avokoa izy ireo. Ho an'ireo nanatri-maso sy niaina izany dia mahatsapa ny

fahaizamaony ireo tanora ireo avokoa. Indrindra i Mihora, izay hany andriambavilanitra ao anatin'ity hatsikana amin'ny endriny ankehitriny ity. Koa ho an'ireo mpianatra, ray aman-dreny, te hialavoly amin'ny fampihomehezana. Tongava ao amin'ny Le Park Bemasoandro Itaosy amin'ny sabotsy 5 aogositra izao fa tsy misy vidim-pidirana io. Saingy ho fanohanana ny talentan'ireo tanora ireo, dia misy ny rakitra natao ho azy ireo.

Tiaray R

Tolo-tanana ho an'i Zoky Fenotsiky Hisy antsan-tononkalo sy mozika hokarakaraina anio

Entina manampy an'i Zoky Fenotsiky, mpanoratra mpikambana ao amin'ny Havatsa Upem, mararin'ny homamiadana amin'izao, dia mikarakara hetsika antsan-tononkalo sy mozika azon'ny rehetra andraisana anjara ny fikambanana Havatsa Upem sy ny fianakaviany. Izany dia atao anio ao amin'ny Tahala Rarihasina Analakely manomboka amin'ny 10 ora maraina mandra-paharivan'ny andro. Tsy misy ny vidim-pidirana fa mandritra ny hetsika dia hisy vata hisokatra



I Fenotsiky.

ahafahan'ny rehetra mandrotsaka izay foy ho fanampiana azy izay. Misokatra ho an'ny rehetra ihany koa ny sehatra ka afaka mandray anjara manao ny tononkalony ireo izay te hanao izany amin'io fotoana io. "Mangataka fanampiana aho fa tena tsy araka intsony ny fanafody. Afaka mijery ahy ety amin'ny HOMI ianareo, « service oncologie porte 8 ». Ampio aho ry ireto a!" io moa no hafany ho antsika rehetra. Ity kosa no laharana ahafahana mandefa izay foy ho azy ihany koa ho an'izay tsy afaka hanatrika ilay hetsika: 0327060864 (vatra Ny Aina) 0381055850 (Tafitasoa joel). Ny fianakaviany sy ny fikambanana moa dia misaotra sahadry ny rehetra y amin'izay fanampiana homin'ny olona azy amin'izao. Tsara marihina moa fa solon'anarana ihany io Fenotsiky io, io no nofidiany amin'ny maha poety azy ary dia tena io mihitsy ny toetra ahafantaran'ny maro azy. Olona tsotra sy akaikin'ny rehetra ihany koa izy.

Tanya.R



Lanja Babeine dia anisan'ireo mpiangaly hatsikana manana ny lazany ary azo ambara fa hanana ny ho aviny raha ny talentany no asian-teny.



MINISTÈRE DE L'ÉDUCATION NATIONALE

Direction des Examens et de la Certification (DEXAMC)

PRÉPARATION DES EXAMENS NATIONAUX CAE/EP ET CAP/EP OUVERTS AUX ENSEIGNANTS

Le Ministère de l'Éducation Nationale (MEN) assure la préparation de plusieurs examens officiels, à savoir du CEPE/6ème, du BEP-C/2nde, du CAE/EP et du CAP/EP.

Les examens du CEPE/6ème et du BEP-C/2nde se sont déroulés sans encombre grâce aux efforts acharnés des agents du MEN, en collaboration avec d'autres Ministères et entités, sous l'organisation générale de la Direction des Examens et de la Certification (DEXAMC).

Poursuivant sur la même lancée, le

MEN est actuellement en pleine préparation de la session 2023 des examens nationaux du CAE/EP et du CAP/EP. Ces examens sont ouverts aux enseignants qui vont prendre leurs fonctions au niveau des écoles primaires. Ces évaluations certificatives contribuent à améliorer la qualité de l'enseignement. Grâce à l'obtention de certificats reconnus par la FOP, les enseignants fonctionnaires bénéficient d'une augmentation d'indice en cas de réussite à ces examens, tandis que les enseignants non fonctionnaires ont de meilleures chances d'être recrutés auprès du Ministère de l'Éducation Nationale.

Pour la session 2023, ces examens se dérouleront du 5 au 6 septembre pour le CAE/EP et du 17 au 18 octobre pour le CAP/EP dans les différents centres des 23 Directions Régionales de l'Éducation Nationale (DREN).

Afin de mener à bien ces examens, le MEN entreprend plusieurs préalables essentiels. Suite à l'envoi des propositions de sujets par les conseillers pédagogiques à la Direction des Examens et de la Certification (DEXAMC), le personnel de cette dernière, en collaboration avec les concepteurs de sujets des différentes DREN, a entamé l'élaboration nationale des sujets des examens. Compte tenu de la confidentialité des sujets, ces préparatifs ont été réalisés sous la surveillance des forces de l'ordre mises à disposition par d'autres Ministères. L'élaboration nationale des sujets des examens du CAE/EP et du CAP/EP est toujours en cours.

Parallèlement, la DEXAMC est chargée

de publier les résultats des examens du CAE/EP et du CAP/EP. Les résultats définitifs d'admission pour les deux (02) examens de la session 2022 seront prochainement publiés au niveau du Ministère central, des CISCO et des DREN à travers Madagascar. Rappelons que les examens du CAE/EP et du CAP/EP diffèrent de ceux du CEPE/6ème et du BEP-C/2nde. En effet, ces examens se déroulent en deux étapes, à savoir les épreuves écrites (admissibilité) et les épreuves orales (admission). Une fois les deux épreuves réussies, les candidats obtiennent un Certificat.

Dans l'objectif majeur de fournir une éducation de qualité, l'évaluation de la capacité des enseignants à dispenser des cours de très bon niveau aux élèves est l'un des moyens les plus efficaces pour y parvenir. C'est pourquoi l'admission aux examens du CAE/EP et du CAP/EP est exigée aux enseignants pour accéder à un niveau d'enseignement donné.

Le Ministère de l'Éducation Nationale est ravi d'annoncer l'ouverture officielle de la page "Mi@natra", qui met à disposition des outils et des contenus pédagogiques.

Visitez-la dès maintenant !



Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenana Ofisialy



mi@natra



ASIEF - Tompondaka Nasionaly

Nalana tsy ho mpifaninana intsony ny CUA sy ny DR Tourisme

Tsy niandry ela fa tonga dia nesorina tsy ho isan'ny mpandray anjara amin'ny andiany 2023 ny ASIEF ny ekipan'ny CUA sy ny DR Tourisme, ho an'ny taranja basket-ball. Io no fanapahan-kevitra noraisiny ny mpitantana ny ASIEF, taorian'ny korontana niseho ny alatsinainy lasa teo tao amin'ny kianja mitafon'ny CRJS Toamasina, teo amin'ny fihanan'ny CUA sy DR Tourisme avy any Mahajanga. Tsy misy indra fo, tonga dia samy natsahatra tsy hanohy ny fifaninanana intsony izy ireto. "Tsy mendrika ny mpiasam-panjakana ny zavatra toy ireny", hoy ny filohan'ny ASIEF, Andrianarison Jhone Love, izay nanameloka ihany koa ireo mpijery nandray anjara tamin'izany ady korontana izany. "Mampitandrina ireo izay mbola mieritreritra hanakorontana ny mpitan-



Hentitra tamin'ny fanapahan-kevitra noraisiny ny mpitantana ny ASIEF! (Sary a.r)

tana ny Asief", hoy Ingahy Jhone Love, izay efa nandray ny fepetra rehetra hisorohana ny mety hiverenan'ny tranga toy ireny. Na teo aza iny korontana kely iny dia nizotra am-pilaminana tsara ny fifaninanana. Amin'ny alahady 6 aogositra moa vao hifanana izany, izay

hosokafana amin'ny fomba ofisialy ny zoma izao. Tsihivina fa handray anjara ny mpikambana anatin'ny governemanta, tarihan'ny praiminisitra Ntsay Abel, tena andrasan'ny maro tokoa ny lalao basketball hataon'izy ireo.

Rabenaivo

Andrianivoson Saholinirina Vero Hanitriniala

Nanara-dia azy amin'ny filalaovana basket-ball avokoa ny zanany telo mianadahy

Tarana-boanjo foto-boa-nemba eo amin'ny fianakavian-dRtoa Andrianivoson Saholinirina Vero Hanitriniala, Filohan'ny Ligin'Atsinanana amin'ny basket-ball, amin'ny fanaovana fanatanjahantena. Nanara-dia azy amin'ny filalaovana an'ity taranja iraisana ity ny zanany telo mianadahy, dia i Andry (ASCUT / N1A) sy Lova (ASCUT - Ekipa Nasionaly "Kapiteny Ankoay U19") ary Valisoa (ASCUT / U14). Saingy tsy nisy nandova an-drainy, Atoa Andriatsarafa Joelisol Paul, teo amin'ny fanaovana haiady (karaté - taekwondo - kick boxing) kosa ireo naterany ireo fa variana tamin'ny basket-ball. Teo amin'ny faha-15 taonany no nanombohan'ny Vero ny filalaovana basket-ball tao amin'ny "Club Omnisport Malgache et Chinoise. Antefanarivo (COMC). Rehefa nianatra tamin'ny Lisea tany Mahajanga izy dia nilalao tao amin'ny klioban'ny



Ao anatin'ny rany ny fitiavana basket-ball!

ZAMAMI sy ny Avenir de Boina. Taorian'ny nahazoany ny maripahaizana bakalorea dia niakatra taty Antananarivo, ka niverina nanan-tevin-daharana ny COMC. Nifindra tao amin'ny klioban'ny BC Tropicar sy ny Génération. Namaranany ny filalaovana tamin'ny sokajy "senior", nitanany ny toeran'ny "pivot", dia ny AS Port-n'i

Toamasina, niaraka tamin-dry Bao Monique sy ry Sabine, tompondakan'i Madagasikara matetika tamin'ny fotoan'andro nampalaza an'ity ekipan'Atsinanana ity. 13 taona kosa no naha mpikambana azy tao anatin'ny ekipam-pirentsika (1988 - 2001). Norombahany indroa misesy ny medaly volamena tamin'ny lalaoan'ny nosy, izay notanterahina tany Seychelles sy La Réunion. Laharana faha-4 kosa ny ekipam-pirentsika, nandritra lalaoan'ny frankôfonia 1997 natao teto Madagasikara. Rehefa nijanona tsy nilalao intsony izy dia niandraikitra ny asan'ny Sekretera Jeneralin'ny ligin'Atsinanana, ary taty aoriana dia voafidy ho lasa filoha. Marihina fa nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara "U16G/F", natao tany amin'ny kianja Soavita, dia nilamina tsara ny fizotran'ny fifaninanana.

aris rafaly

Kung-fu - 38 taona aty aoriana

Mino ny fikambanana fa mbola hiverina ny mpampianatra azy

Nitondra fanazavana mahakasika ny tantara niainan'ny Kung fu hatramin'ny niforonany sy ny zavatra nolalao-vany ny fikambanana AS.NA.KU.FU.MA.BEH.MI RAY, omaly tetsy amin'ny foiben-toerana Antsobolo. Namberan'ny filohan'ny fikambanana, Ralaivelomaharavo Albert, fa mino izy ireo fa mbola hiverina ny mpampianatra azy tamin'izany, izay Grand maître manana ny lazany dia Grand maître Pierre be, na Pierre Mizael. Amin'izy ireto, izy ihany no jesosy kristy, satria dia betsaka ny zavatra nampianariny teto. Teo koa ny fitsaboana nataony tamin'izany fotoana izany, saingy tsy fantatry ny Malagasy, indrindra fa ny mpitondra. "Ilay Mizael ihany no Michael, izay tsy norasin'i Madagasikara", hoy ity filohan'ny fikambanana ity, fa firenena kely iray tany ivelany tany no nahay nanararaotra nandray azy, izay efa lasa lavitra sy mandroso be amin'izao fotoana izao". Tsy nataon'izy ireto nandalo fotsiny ity fotoana fahatsiarovana ny 1 aogositra 1985 ity fa nanao iny famelabelaran-kevitra ho an'ny mpanao gazety iny izy ireo, nampahafantarana ny zavatra nolalao-vany nandritra izay taona maro izay. Nisy ny fikasana hanao filaharambe tamin'ny alahady 30 jolay lasa teo saingy rehefa



Mbola miandrandra ny fiverenan'ny mpampianatra lehibe ireto mpitarika ny fikambanana ireto.

nosintomin'ny prefektoria ny fahazoan-dalana dia nifidy hampijanona ilay hetsika izy ireto. Nampahatsiahy ny zava-nisy marina nitranga nahatonga ireny famonoana ny mpikatroka ireny moa Ralaivelomaharavo Albert, filohan'ny fikambanana, izay an'isan'ireo niatrika izany tao Ambatomainy, fa noho ny fahitan'izy ireo ny fahasahiranana ny vahoaka, satria betsaka ny 4'mi teny andalana, no nitoloman'izy ireo, saingy tsy zakan'ny mpitondra tamin'izany ka nahatonga ny fifanoana ny ain'izy ireo. "Ankoatra an'ireo lavo, saika potika avokoa ny fiainan'ireo akanga sisa nanamborana", raha ny namberan'ity filoha ity. "Rava tanteraka ilay tranontsekoly izay niorina teo Behoririka", hoy Ingahy filoha, rehefa nolazaina sy naparitaka tamin'izany fa dahalo ity mpampianatra lehibe anay ity. "Tsy nomena

sehatra ary tsy navela hanazava mihitsy izahay", hoy Ralaivelomaharavo Albert, hoe tsy olon-dratsy ny mpampianatra lehibe anay fa olona faran'izay tsara. Izy dia namorona hira maro ihany koa. "Isaky ny asabotsy, tao amin'io trano zozoro io, ny mpampianatra lehibe dia manoro sy mpampianatra anay, tsy daka sy totohondry ihany fa ny fanabeazana vatana, saina ary fanahy. Tamin'ny 2009 no nitsangana aradalana ity fikambanana ity, rehefa nangataka sy nikarakara izany tao anatin'ny 7 taona. Manodidina ny 300 ireo mpikambana ao aminy, izay misy hatrany amin'ny faritra. Natomboka tamin'ny fihirana ny hira faneva moa ny lanonana tetsy Antsobolo omaly ary nofanana tamin'ny fialana hetaheta, izay niarahana tamin'ireo mpikambana.

Rabenaivo

Mpitsara lalao

Nahazo sitraka !

Rajonirina Josianne Rosa Maryse, Fernand Klark Anthony, Rasoanomenjanahary Nanah. Nankasitraka ny fomba nitantan'ny telo mianadahy ireo ny lalao famaranana tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2023, zaza-lahy latsaky ny 16 taona tany amin'ny kianja Soavita Toamasina, ny mpijery sy ny ekipa nifanandrana ka dia tsy nahazoana sy nandrenesana kiana sy tabataba tao anatin'ny toeram-pilalaovana, izay hipoka olona tokoa. Na ny "Commissaire au Match" Ranaivoson José aza dia nilamina mihitsy teo am-pitoerany ka tsy nanome toromarika azy ireo. Raha tsy diso ny fita-



didy dia tamin'ity famaranana ity no tsy nisian'ny fihetsika maneho tsy fahafaliana amin'ny mpitsara lalao, ka mahatonga ny mpijery maneso azy ireny ho toy ny voavidy vola sy

manao "mission / voleur". Sarotra ny asan'ny mpitsara kanefa rehefa hentitra amin'ny fampiharana ny lalana nianarany izy ireny dia tsy misy tokony atahorany.

a.r

PETITES ANNONCES Gazetiko

COURS DE MUSIQUE

* Cours de musique à domicile : Piano, guitare, clavier. Accélérer 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 612/7-5)

MIVIDY

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-20)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-7)

COURS

* Cours de coiffure accéléré : spécial vacances. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-8)

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary.

Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-8)

VIDANGE

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-13)

Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-6)

Raharaha Bakalorea

Mpiasan'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony avokoa ireo naiditra am-ponja

Nitohy niakatra fampanoavana tetsy amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany Anosy ireo voarohirohy tamin'ny famoahana mialoha ny laza adina Bakalorea "Histo-Geo". Ny alatsinainy teo vao vita tanteraka ny famotohana an'ireo olona 19 tafiditra amin'ity raharaha ity. Raha ny fantatra dia 13 no naiditra am-ponja vonjimaika eny Antanimora ary 6 no nahazo fahafahana vonjimaika, saingy tsy

maintsy matrika ny fitsarana, izay hatao amin'ny 18 aogositra 2023, amin'ny 8 ora maraina ao amin'ny efitrano fahatelo. Mpiasan'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika avokoa ny ankamaroan'ireo voarohirohy amin'ity raharaha ity. Misy teknisiana mpikirakira informatika, PAT, mpanamboatra laza adina, mpampianatra sady profesora, sekretera, mpiasan'ny "Office

du Bacc"...sns.

Zaza malagasy

Tsara homarihina fa hain-gana ny fisamborana an'ireo voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ity raharaha fivoahan'ny laza adina bakalorea ity, ilay resaka nahatohina ny Malagasy rehetra. Minisitara 4 no voatohintohina, satria izy ireo no tena tomponandraikitra miara-misalahy amin'ny fanomanana ny bakalorea. Anisan'ny mandray anjara

amin'izany ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fampianarana Teknika ary ireo Ministera misahana ny fitandroana ny filaminana. Fanontaniana mipe-traka ny hoe hanao ahoana ny voka-panadinana bakalorea amin'ny taona 2023 ity sy izay mety ho voka-dratsy aterak'izao tranga izao amin'ny zanaka malagasy ?

Ariel D.

Ambohimangakely

Môtô nifandona tamin'ny kamiao sy taksibe, maty tsy trà-drano ilay tovolahy, 12 naratra

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahatsiravina indray teny Andranomandry Ambohimangakely, omaly tokony ho tamin'ny 10 ora maraina. Kamiao sy taksibe ary môto no nifandona. Vokany, tovolahy iray no maty tsy trà-drano ary olona roa ambini-folo naratra. Araka ny fanazavana azo dia avy any atsinanana hiditra an'Ambohimangakely ilay kamiao sy ilay môto. Ilay taksibe kosa nifanena tamin'ireo hamonjy ny toeram-piantsonany tsy

lavitra teo. Voalaza fa nandeha mafy ilay môto ary saika hisongona ilay kamiao. Vao niala fiholanana anefa dia nisy lalan-dratsy be ka mety tsy tazany io, dia nidofotra tamin'ilay kamiao. Ilay kamiao indray avy eo no nifandona tamin'ilay taksibe nifanena taminy. Mafy dia mafy tokoa ny fifandonana, satria potika tanteraka ilay taksibe. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ilay kamiao. Ilay tovolahy mpitondra môto moa nipitika

teny amin'ny arabe ary noho ny dona mafy nahazo azy teo amin'ny lohany tamin'ny fianjerany no nitarika ny fahafatesany.

Nosokirina

Ankoatra io tovolahy maty io dia olona roa ambini-folo ihany koa no naratra. Saika naratra avokoa ny mpanandeha tao anatin'ilay taksibe. Ilay mpamily no tena vao mafy satria taraiky tao anaty fiara ary efa naharitra mihitsy ny fisokirana azy tao

vao tafavoaka. Efa nalefa namonjy hopitaly avokoa moa ireo olona naratra. Mbola tena tanora vao erotreronny tokoa ilay tovolahy namoy ny ainy io, satria tokony ho roapolo taona mahery eo. Fa ankoatra io dia nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana ihany koa teny Analamahitsy omaly. Mila mitandrina ireo mpampiasa lalana rehetra fa tena nisesisesy ny lozam-pifamoivoizana tato ho ato.

R.C

Ankadimbahoaka

Vola karama avy nalaina tany amin'ny banky voaroba

Tovovavy iray no lasibatra ny asa fanendahana teny Ankadimbahoaka afakomaly ka lasan'ilay olondratsy tamin'izany ny vola karama vao avy nalainy tany amin'ny banky. Tsy nanampo na inona na inona

ity vehivavy ity fa nandeha teny an-dalana izy no sendra lehilahy iray lava ranjanana iray. Mety ho efa narahin'ity farany ilay tovovavy rehefa hitany fa vao avy nandray vola ka rehefa nahita irika izy dia

nosintoniny teny an-tanany ny poketra nisy ny vola sy karatry ny banky ary finday tao anatin'ny. Lasa nitsoka niakatra nitsofoka nankany Soanierana ilay olondratsy avy eo ary tsy tratra intsony na dia niezaka nanenjika

azy aza ilay voandaka. Teo anatrehan'ilay asa ratsy dia niantso vonjy ihany ilay tovovavy saingy nijery fotsiny ny olona nahita izany. Nangasihasy nampalahelo ilay lasibatra nanohy ny diany avy eo.

T.H

Sambava

Tovolahy maty sempotra tao anaty barika

Tao anaty barika lehibe iray fanaovana toaka gasy no nahitana ny fatin'ity tovolahy iray tokony ho telopolo taona, tao Sambava, omaly maraina. Araka ny fanazavana azo dia nisotra tamin'ilay toaka gasy tao anaty barika izy ny alatsinainy

hariva ary mamo. Mbola saika hisotra ihany anefa izy ka niezaka naka tao anatin'ilay barika. Efa kely sisa anefa ny toaka tao ka tsy takany. Noho izany dia naka zavatra nitsanganany izy nanakarany ilay toaka, kanjo tonga dia nitsongoloka ary

latsaka tao anatin'ny. Tsy nisy nahita ny fahavoazany, satria efa alina ny andro, ka na niantso vonjy aza izy dia tsy nisy nahare. Taraiky tao anatin'ilay barika izy ary sempotra tao. Efa maraina vao nisy olona nahita. Rehefa nojerena dia izy nitsongoloka

tao anaty bariaka efa tsy nisy aina intsony no hita. Tonga nanao ny fizahana ifotony ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ary taorian'ny fizahana natao dia natolotra ny fianakaviany ny razana.

R.C

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsy misy tsara noho ny miaraka, ho tarika iray, firaisam-po mandrakizay."

Ny Vetso (26 .03. 14)

("Rien n'est plus beau que l'esprit d'équipe.")

Ampasanimalo

Raim-pianakaviana hita faty nihantona tao an-tranony

Lehilahy iray 23 taona no hita faty nihantona tao an-tranony teny Ampasani-malo, omaly maraina. Hatai-rana ny andramatoa vadiny raha niditra tao amin'ilay trano fa ilay lehilahy no hitany mihantona amin'ny tady teo ampovoan-tranony ary efa tsy nisy aina intsony. Niantso ny mpiray monina avy hatrany izy. Vetivety dia niely ny feo ka tonga maro nijery ny zava-nitranga ny olona. Araka ny fanazavana azo teny an-toerana dia maty nananton-tena ity lehilahy ity. Tsy fantatra kosa anefa izay antony nahatonga azy namoy fo tahaka izao. Voalaza fa tsy nisy olona teo amin'ity lehilahy ity sy ny vadiny. Ny marainan'io dia mbola nanatitra an'ity lehilahy ity handeha hiasa ilay ramatoa vadiny sy ny zanany.

Naterina

Naterin'izy mianaka teny amin'ny toerana fiandrasana taxibe rahelilahy ary nankany amin'ny toeram-piasany. Fotoana elaela taorian'izay anefa dia nody tany an-tranony izy. Ilay ramatoa vadiny tsy tao an-trano tamin'ny fotoana nahatongavany tao ary nandritra izany no nanantonany ny tenany tao. Ny naman'io ramatoa io nahita an'ilay rangahy lasa nody nankany an-tranony no nampilaza io vadiny io. Gaga ilay ramatoa satria tokony ho any am-piasanany ilay lehilahy tamin'io. Dia nandeha nankany an-tranony izy avy eo ka io vatana mangatsiakam-badiny nihantona tao an-tranony io no novantaniny tao. Efa nampandrenesina ny tomponandraikitra ka efa tonga teny an-toerana.

T.H

Mananjary

Gadra 6 tafatsoaka nandositra teo amin'ny varavarankely

Mandeha ny fikarohana an'izy 6 mirahalany gadra tafatsoaka ny fonjan'i Mananjary, afak'omaly hifoha omaly alatsinainy. Ireto avy ny anaran'izy ireo : Andriamahasolo Séraphin sy Andriamanantena Félistin ary Randriatahina Tanicia, voaheloka asa an-terivozina mandra-pahafaty noho ny resaka halatra mitam-piadiana sy vono olona. Ankoatra izay dia i Bienvenu sy Rakotonandrasana Fulgence Ndrasana, voaheloka asa an-terivozina mandra-pahafaty ihany koa, noho ny raharaha halatra mitam-piadiana, ary Théophile, izay mbola miandry fitsarana noho ny fikasana hamono olona, ary fikambanan-jiolahy. Raha ny fanazavana avy amin'ny lehiben'ny fonja ao Mananjary dia efa misy ny sary sy ny mombamomba an'ireo gadra ireo naporitaka amin'izao fotoana izao. Mbola tsy nisy voasambotra kosa izy ireo.

Fanadihadiana

Tokony ho tamin'ny 3 ora maraina no niseho ny tranga. Avy teo amin'ny varavarankely atsinanana no nivoahan'izy ireo teo amin'ny « grille de protection » izay efa ratsy. Tapaka ny herinaratra tany an-toerana ka nanararaotra nandositra ireto voafonja ireto. « Misy ny fahatapahan'ny jiro isaky ny alina ka mampiasa « groupe » ny ao amin'ny fonja. Najanona anefa io fitaovana io mba ho fitsitsiana ny solika. Tokony ho tamin'ny 3 ora maraina ny « groupe » no novonoina, kanjo taorian'izay no nitrangan'ity lositra ity », hoy ny lehiben'ny fonja ao Mananjary. Natao avy hatrany ny fanarahana-dia sy ny fikarohana niarahana tamin'ireo mpitandro ny filaminana.

Ariel D

MANAL'AZY DE MI'MEME



TENY MIAFINA N° 607

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipihy ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Vakiana tsotra ny valiny.

T	N	E	K	F	F	I	D	O	B
S	I	P	V	A	V	P	I	T	S
H	V	E	M	S	M	Z	O	Z	H
M	P	O	L	R	I	O	Z	T	B
A	T	R	S	P	S	M	V	A	I
Y	R	B	T	T	I	B	R	D	Y
Z	T	R	L	P	H	M	V	H	Z
M	P	J	A	R	N	A	Z	D	I
T	V	F	B	S	B	R	O	R	F
R	N	L	Y	A	Y	L	D	O	R

06 litera

Valin'ny teny miafina 606 : TARIGETRA

VALIN'NY									
Kakuro 606									
9	8	7	3	9	1	2	6	1	
7	1	2	9	6	8	4	5	9	7
6	9	8	7	6	9	1	2		
1	4	6	2	9	2	1	3	9	
8	5	7	9	3	9	8	6	5	7
9	8	2	9	8	3	1			
1	2	4	9	3	7	3	9	7	8
9	7	7	1	2	9	8	4	1	
9	8	1	4	2	5	8	9		
8	9	3	1	6	7	1	9		
2	7	3	9	7	8	4	2	1	
1	3	2	3	1	2	4	8	9	5
3	8	9	8	2	1	6	3	2	

VALIN'NY									
TENY MIRANDRANA Lah. 7632									
R	•	A	T	O	D	I	N	I	•
E	N	D	A	S	O	•	A	•	F
N	•	I	D	I	R	A	N	A	O
D	•	K	I	N	•	M	E	T	I
R	I	A	N	A	•	•	F	O	N
E	•	N	I	O	N	D	A	N	A
M	•	A	•	•	•	I	•	T	R
A	O	R	I	A	N	A	•	A	E
N	I	E	N	D	A	K	A	•	O
A	V	O	N	D	R	O	N	I	•

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

=	Δ	+	•

	L			
Δ	2	Δ	+	•

Δ	□	2	•

V					
ε	•	+	□	+	○

		K		
=	Δ	×	Δ	•

		E	
□	S	Δ	Δ

Valin'ny lalao omaly

KAPOKA TSY MANKARARY OLONA AKORY

TENY MIDINA

1. Tapisaka
2. feo
3. Tsoboka
4. Lambo
5. Paraky

Valin'ny
TENY MIDINA
omaly

1. LO
2. ILO
3. FILO
4. FILAO
5. FANILO

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.

Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



J 7633 A



J 7633 B

LALAO : TELOMIOVA

Tsipihy ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambara ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambara dia ho hitanao ny valiny

A	K	O	F	O	K	I	M	M	P
V	T	O	R	I	M	A	S	O	S
O	S	I	F	F	L	N	F	A	V
A	R	A	A	E	A	A	N	A	A
S	F	A	F	A	H	T	L	V	N
A	D	A	G	O	O	I	I	A	G
K	K	N	T	N	S	R	N	D	I
A	I	A	O	O	A	I	I	O	
K	K	N	A	H	R	F	F	K	I
O	I	N	A	A	K	I	A	O	G

KINGA
KIFAFA
VANGIO
HARIVA
VALISOA

AFATORI
AVADIKO
GOAIKA
MALEFAZKA
KOFEHINI

FAHOTAKO
SAFOSAFO
MIKOFOKA
AFANGARO
TORIMASO

FARITANAI
VOASAKAKO

- Valin'ny lalao omaly : - FANAHI - SAHIA

NY TONONANDRONAO ALAROBIA 02 AOGOSITRA 2023

Asorotany 18 aprily - 14 may

Asa: Tsy mety ny manao vava be amin'ireo mpiara-miasa hafa. Fitiavana: Tsy tokony hisy olona raha ny marina.

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Ny hoavy jerena foana fa tsy ny vita anio fotsiny.

Adalo 08 novambra - 06 desambra

Asa: Aza atao mahakivy ny olona amin'ny fiainana sao hanimba ny asa eo koa. Fitiavana: Tadidio fa manana fo mitempo koa ny olona miaraka aminao.

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

Asa: Hajao tsara ny ora fidirana sy fivoahana sao hanimba zavatra. Fitiavana: Mila manana faharetana kely ianareo roa.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

Asa: Mila mahay mihaino tsara ireo toro-marika omena ianao. Fitiavana: Ianareo roa ihany no mahavita mamaha io olona io.


Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Asa: Ataovy mazava tsara ny taratasy fieranana. Fitiavana: Aza atao olona eo amin'ny fitiavana ny resaka-bola.

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

Aza mangataka fotoana foana fa ataovy dieny malaina aloha.

TONDRO-TENY




Valin'ny tondro-teny
omaly

T	A	H	A	K	A
A	V	A	R	•	T
N	O	N	O	•	O
A	•	I	•	A	K
N	A	N	O	V	A
A	N	A	N	A	N
O	I	•	I	L	O

TENY MIRANDRANA Lah. 7633

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

KARI	BAONAI	INOANAI	ORIMBATO
ISAINA	APANGO	FANTATRA	BAIBOLINI
ROTAKA	DOANINI	POIZININA	ADINONAREO
ATSIPI	NOTEFEKO	KITOATO	



KAKURO 607

	4	45		4	23	30		17	8	38	7
3	1		10				15				
22			7				27				
	14			34			45				16
41								20	12		
4			19			22	31				
41								4			9
	10	3		22	21	14		14	21		
42								15	3		
5			18	9		11	14			12	27
	20	7	23					6			
13											
39								13			
19				12			24				

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Ny "balsame" dia manadio ny tranon-jaza ho an'ireo oloona avy niteraka na afa-jaza. Ampangotrahana ny tahony sy raviny maroimaro ary misotro iray vera intelo isan'andro mandritra ny iray andro ihany.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany

MIO	..	NA
VO	..	KA
RA	...	NY

Valin'ny lalao omaly : MAKAFOKA + ITOMANIO + MANGANA = AFOMANGA

R Mbola tia ahy ve ise rehefa antitra sy **H**
E feno volofotsy aho ?
S Fa maninona aho no hiandry fotoana
A elabe toy izany ?
K

Sarisary zary tenany

Iraka

Hatsikana an-tsary

Patrô



Masoandro iposaka

I Petera 4:1

1 Koa satria niaritra tamin'ny nofo Kristy, dia alao mba ho fiadianareo izany saina izany; fa izay niaritra tamin'ny nofo dia efa afaka* tamin'ny ny ota; [* Gr.nampitsa-harina]

Indray mipika



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Nuho lanao...



Chabolana



Lolompon-Kovalahy, tsy miseho tsy ratsy tany.

La rancune d'un Hova : elle ne se montre que quand les temps sont mauvais.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3013

8	3		7	9	
5				7	1
		4		3	
		2	1	8	
7	8		6	5	
	2	4	3	1	
9					6
	5	2			

Valin'ny laharana 3012

2	6	5	7	1	3	8	4	9
4	7	3	8	2	9	6	5	1
8	1	9	4	5	6	3	2	7
3	2	8	9	4	5	1	7	6
7	4	1	2	6	8	5	9	3
5	9	6	3	7	1	2	8	4
6	8	7	5	3	4	9	1	2
1	5	2	6	9	7	4	3	8
9	3	4	1	8	2	7	6	5

Iraky ny SADC

Miantso ny HCC sy ny CENI hanao ezaka bebe kokoa hampadio ny fifidianana

Nifarana omaly ny fakan-kevitra nataon'ireo iraky ny vondrona SADC tamin'ny herivelona samihafa mahakasika ny fivoaran'ny toedraharaha politika eto Madagasikara, indrindra ny fano-manana ny fifidianana filoham-pirenena niantsoana ny mpifidy handatsa-bato amin'ny faha-9 ny volana novambra izao. Raha tomorina akaiky ny vontoatin'ny dian'ireo iraka avy amin'ny fianakaviambe iraisampirenena ireo dia nihaino ny feon'ny ankolafin-kery samihafa (mpanohana ny fitondrana, ny mpanohitra, ny mpanao pôlitika, ny firahamonim-pirenena, ireo Raimandreny ara-panahy...) noho izy ireo te hahafanatra ny zava-misy marina eto Madagasikara. Omaly dia naneho ny fahafahampony tamin'ny fakan-kevitra sy ny diany teto ireo iraky ny SADC ireo raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Antananarenina. Nandritra izany ihany koa no nilazan'izy ireo fa hitondra ny resaka nifa-



naovany amin'ireo ankolafin-kery samihafa teto any amin'ny SADC foibe izy ireo alohan'ny ny hamaohany ny tatitry ny diany teto. Ny andrasana izany dia izay ho vokatry ny tatitry ny iraky ny Sadc any amin'ny Filohany Félix Antoine Tshisekedi Tshilombo ka hahafantarana an'izay mety ho fana-pahan-kevitra ny vondrona mahakasika ny tontolon'ny fifidianana eto Madagasikara.

**Fihaonana'ny ankolafy
pôlitika**
Ny azo ambara fotsiny

alohan'izany, dia tsy nitovy ny resaka nifanaovan'ireo mpisehatra ara-politika eto Madagasikara tamin'ireo iraky ny SADC ireo, satria raha nitaky ny hirosoana amin'ny fifidianana ny sasany dia nitaky ny mbola hananganana rafitra tetezamita ny hafa. Ato anatin' ny andro maromaro izany no hahafantarana na hanaiky ny hirosoana amin'ny fifidianana ireo mpanelanelana vahiny na mbola handroso fihaonan'ny ankolafy pôlitika toy ny fanaony hatramin' izay indray. Ao anatin'izany

rehetra izany, na dia mbola tsy nisy aza ny tatitra nataon' ireo iraky ny fianakaviambe iraisam-pirenena ireo dia nitodika tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampano renana sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ary ny fianakaviamben'ny mpanao gazety manokana izy ireo. Niantso ireo voatanisa ireo mba hanao ezaka bebe kokoa amin'ny fanabeazana ny olom-pirenena mba hahafahana manatanteraka fifidianana marina, madio, mangarahara ary eken'ny rehetra ary tsy mifanipaka amin'ny fenitra takian'ny SADC mikasika ny fifidianana demokratika ireo iraka teto ireo. Raha tsiahivina dia nifandimby noraisin'ireo iraka ireo ny CENI, ireo Minisitera voakasiky ny fifidianana, ny mpanao politika na mpomba na mpanohitra ny fifidianana ary firaisamonim-pirenena maromaro.

Mamy R.

Hery Rajaonarimampianina

Nametraka fepetra mialoha ny hanambarany ny maha kandida azy

Mitohy ny fitetezam-paritra ataon'ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina sy ireo delegasiona avy amin'ny antoko HVM tarihin'ny amin'ny ilany atsimon'ny Nosy iny. Taorian'ny tany Manakara, Vangaindrano, Farafangana ary Vohipeno dia hitafa mivantana amin'ny mpanara-dia azy any Ankaramalaza indray io laharana voalohany eo anivon'ny HVM io manomboka anio. Raha ny tsikaritra tany amin'ireo toerana efa nandalovany, dia mbola

maro ihany ireo vahoaka manara-dia ity filoham-pirenena teo aloha ity, izay tsy mitsahatra ny miantso-antso mba hilatsahany fanintelon'ny indray. Eo anatrehan'izany, na mbola tsy nanambara mivantana izay maha kandida azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena manaraka aza Ing. Hery Rajaonarimampianina dia nilaza kosa raha namaly ireo antsoantso nataon'ny mpomba azy ireo fa manana vahaolana amin'ireo mamparary ny faritra tsirairay avy

ny tenany ary tsy matahotra hatrika fifidianana, saingy misy fepetra takiany ao anatin'izany.

Krizy lalim-paka

Tamin'ny alatsinainy teo ohatra, nanambara io filohan'ny HVM io raha nihaona tamin'ny mponin'i Vangaindrano fa vonona ny hiatrika fifidianana ny tenany raha anaty fangaraharana sy eken'ny rehetra izany. Tsatsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin'izany fa raha misy mitsivalana amin'

ny fanatanterahana io fifidianana io ve izany ny herivelona rehetra eto amintsika dia tsy hilatsaka Ing. Hery Rajaonarimampianina. Na izany na tsy izany, averimberiny amin'ny kabarin'ny hatrany fa vonona ny hitady vahaolana ho an'ny faritra rehetra manerana ny Nosy mba hampakatra ny fari-piainanan'ny mponina ao aminy, hamoaka azy amin'izao krizy lalim-paka izao ny tenany.

Mamy R.

Mpiasan'ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola

Namoahan'ny Bianco didy fisamborana

Raharaha mahakasika kolikoly amin'ny fanomezana tsenam-baro-panjakana. Io no fandikan-dalàna ahiahian'ny Birao Mahaleo Tena Miady amin'ny Kolikoly ho nataon'ny mpiasam-panjakana iray, miasa eo anivon'ny minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola ka nahatonga io sampam-pitsarana io namoaka didy fisamborana, tamin'ny 31 jolay lasa teo. Araka ny voasoratra ao anatin'ilay didy fisamborana, mitondra ny laharana 250-23/Bianco/DG/DINVEST dia tao amin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana Sôsialy ary ny Fampandrosoana ny Vehivavy no nisehoan'io fandi-

kan-dalàna mahakasika ny fanomezana tsenam-baropanjakana io. Mivantana amin'ny mpitandro filaminana mpanao famotorana kosa ny didy ary nomena ny dika mitovy amin'izany ny Tahirimbolam-panjakana, ny sampandraharaha voakasi-k'izany ao amin'ny zandariamariam-pirenena sy ny pôlisim-pirenena, ary ny eny amin'ny seranam-piaramanidina, ankoatra ny fitaleavan'ny Bianco any amin'ny faritra. Tsatsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tsy vitsy ny trangan'ny kolikoly miseho eto amintsika, tato anatin'ny volana maromaro izao, manomboka any antampony ka hatrany am-

potony, saingy ity aloha no
namoahana didy. Antenaina

fa ho sesilany izany ato ho
ato. **V.R.**

TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatrarany ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

[illegible]

Anarana :

Fanampiny :

Adresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :

Marina izany !

Mifampiandriandry!

Efa-bolana eo ho eo alohan'ny datim-pifidianana, mbola maro ny mpanao pôlitika sy ny mpandinika ny raharaham-pirenena no mametra-panontaniana ny amin'ny hoe: Hisy marina ve ny fifidianana sa fanodinkodinan-dresaka fotsiny ? Antony, mihatra amin'ny fotoana sisa, azo lazaina ho mbola tsy tomombana ny fanomanana. Toy izany ihany koa ny hoenti-manana. Ny zava-misy aza dia toa tsy hita ho mifantoka tanteraka amin'izany ny mpitondra fa mihazakazaka manao asa hafa tsy misy ifandraisany amin'ny fifidianana, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fanaovana teleferika, izay ahazoana fanakianana maro, na avy amin'ny vahoaka eto antoerana na avy any ivelany, ho tsy ao anatin'ny laharam-pahamehan-dRamalagasy. Ankoatra izay, iarahany rehetra manaraka amin'ny fampahalalam-baovao samihafa fa mbola sahirana mitady vola hanatanterahana fifidianana ny mpitondra, amin'ny ankapobeny. Raha tsia no ho valin'io fanontaniana napetraka io ambony io, inona no hitranga rehefa mifarana ny fotoam-piasan'ny filoham-pirenena ? Mandra-piandry izay ho tohin'ny raharaha, tsikaritra ho samy mikotrikotrika ny paikadiny ahatongavana amin'ny tanjony ny mpanao pôlitika tsy mitovy firehana. Ny mpomba ny fanjakana miezaka mifehy araka izay tratra ny rafitra isan-tokony, indrindra ireo voakasiky ny fifidianana mivantana na an-kolaka. Ny mpanohitra miezaka mikaroka ny porofo ary manazava amin'ny vahoaka ny heverin'izy ireo fa ao ambadik'ireo paikady ampiarhin'ny mpitondra sy ny fandikan-dalàna samihafa ataon'izy ireo. Milaza ihany koa ny tsy hanaky lembeana. Ny dikany, mifampiandry ny andaniny sy ny ankilany. Manoloana izany, manitikitika ny fanontaniana hoe: hampilamin-javatra ve izany !

Voahangy Rakotozafy

Filohan'ny Antenimierandoholona Nanotrona ny fankalazana ny faha-24 taona nanjakan'i Mohamed VI

Notanterahina afak'omaly teny Androhibe misy ny trano fonenan'ny Ambasadaoon'i Maroc miasa sy monina eto amintsika, Atoa Mohammed Benjilany, ny lanonana fankalazana ny faha-24 taona nanjakan'ny Mpanjaka Marokanina Mohamed VI. Olo-manan-kaja maro no tonga nanome voninahitra sy nanotorona ka, anisan'izany ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Atoa Herimanana Razafimahefa. Nisolo tena ny fanjakana malagasy tamin'izany moa ny minisitry ny Fiarovam-pirenena. Nambaran'ity farany fa nifanohana hatrany i Madagasikara sy i Maroc tamin'ireo fotoan-tsarotra nolalovan'izy ireo ary nihamafy hatrany ny fifandraisana ara-pirahalahiana teo amin'ny firenena roa tonta nandritra ny 60 taona mahery. Fifanaraham-piarahamiasa maro mahakasika tetikasa marolafy no natao. Anisan'izany ny fananganana ny toeram-pitsaboana ho an'ny reny sy ny zaza « Hôpital mère-enfant » any Antsirabe, ny fampianarana sy ny fizahan-tany... Nambaran'Atoa Ambasadao fa sehatra maro no iarahany i Madagasikara sy i Maroc miasa, toy ny politika, ny toekarena, ny sosialy ary ny fananganana fotodrafitrasa.

JUDD

Fizahantany- "Allée des baobab" Morondava

Voafidy ho isan'ny toeram-pizahantany 10 tsara indrindra eto Afrika

Araka ny tatitra navoakan'ny "guide de voyage en ligne Pandotrip" dia voafidy ho isan'ireo toeram-pizahantany tsara indrindra eto Afrika ny "Allée des baobab" hita any Morondava. Andanian'ny vahiny vola be tokoa ny mitsidika io toerana io ary indrindra ny fakana sary mody masoandro any amin'ny faritra iny. Efa manomboka mankafy mitsidika

toerana maro ihany koa ny Malagasy, ka na somary lavitra sy ratsy lalana aza ny mandeha any dia misy ireo manomana vola manokana. Toy ny tsy tany Morondava mantsy raha tsy mahita io toerana feno baobab io. Ankoatra azy, nambaran'ilay guide ihany koa fa anisan'ny toerana tsara indrindra eto Afrika ihany koa ny Chutes Victoria, hita any Zambie,

Zimbabwe, ny tendrombohitra Kilimanjaro hita any Tanzania. Toraka izay ihany koa ny dezeran'i Sahara, Fish River Canyon, Namibia, valanjavaboary Serengeti ao Tanzania, reniranon'i Nile, Table Mountain ao Afrika Atsimo, Okavango Delta any Botswana ary ny Underwater Waterfall ao Mauritius. Ho antsika eto, anisan'ny tombony goavana

eto ny mbola fisian'ireo harena voajanahary tsy misy afa-tsy eto amintsika ary tena tian'ny vahiny. Ny fikajiana azy ireo no anisan'ny vandoan-draharaha ataon'ny "confédération" fizahantany eto Madagasikara mba hamerenana indray ireo tombontsoa marobe entin'ity sehatra ity aty amintsika.

Nath

Boriborintany fahadimy

Mponina 1600 nomena vary tsinjo

Mponina 1600 ao anatin'ny fokontany efatra ao amin'ny boriborintany fahadimy no nomena vary tsinjo, tsy anavahana na iza na iza. "Misy mieritreritra hoe misy ambadika politika izao hetsika atao izao rehefa nanomboka sabotsy ary hifanana amin'ny sabotsy heriny, fa mitohy foana izy ity ho an'ny fokontany 27. Isaorana manokana ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina fa tena mijery akaiky ny resaka sosialimbahoaka izy. Ny boriborintany rehetra eto Antananarivo dia samy hahazo ny anjarany daholo ary mangan-

raharaha tanteraka ny fomba nanomezana ny ticket, tsy misy resaka politika ary tsy misy zanak' lalahafa. Raha mbola misy manaratsy ankoatra izay dia olona be fialonana izay, ireny no mpanao kajikajy politika. Ny Filoham-pirenena dia Filohan'ny Malagasy tsy vakivolo ka ny olona rehetra na ao anaty na tsy ao anatin'ny fitondrana dia samy mahazo avokoa", hoy ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. Nomarihin'ity farany fa tafiditra ao anatin'ny politikan'ny Filoham-pirenena ny fijerena akaiky ny sosialim-

bahoaka. Tsy misy resaka politika ny fanomezana vary tsinjo an'ireo vahoakan'ny boriborintany fahadimy. Be fialonana sy be kajikajy politika ireo olona manaratsy an'izao hetsika tanterahina izao.

Fifidianana

Raha ny mahakasika ny fifidianana indray dia nilaza ity solombavambahoakan'ny boriborintany fahadimy ity fa tsy maintsy hisy ny fifidianana ary hirotsaka ny Filoha Andry Rajoelina, satria mbola betsaka ny adidy sy fanohizana ny asa efa vita ary ny tsy mbola vita hotanterahina, ka mino aho

fa efa mivalona daholo ny resaka rehetra izao sy izao teo aloha. Izahay ao amin'ny antoko TGV dia tsy mieritreritra na inona na inona intsony afa-tsy ny fifidianana amin'izay, ary efa vonona izahay. Azo ambara fa milamina tanteraka ny fanomanana ny fifidianana ary tsy maintsy hiroso amin'izany isika, hoy ny Depiote Naivo Raholdina. Nambary fa ny TGV dia antoko iray lehibe misy fitsipika. Ny IRD indray dia vovonana misy fitsipika ka efa mipe-traka daholo ny fototra rehetra.

HAR

Fitrandrahana fasimainty

Tsy manary toky ireo vahoaka ao Marofatike

Mbola mijanona ho baraingo mandraka ankehitriny ny hiverenan'ny fisokafan'ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana na tsia. "Tsy miova ny fanohanana ny vahoaka eto Marofatike an'ity tetikasa ity. Vao mainka mihamafy ary manantena fihatsaram-piainana amin'ny alalan'ity fitrandrahana ity izahay. Maro ireo tanora avy eto amin'ny fokontaninay efa nahazo asa tamin'ny kaompania mitantana ity tetikasa ity. Resy lahatra hatrany izahay amin'ny fampandrosoana hoentiny ity tetikasa ity amin'ny fotoana hiverenany, raha tsy hilaza afa-tsy ny famoronana asa fotsiny", hoy Rambeloson Mahioky, lehiben'ny fokontany Marofatike ao amin'ny kaominina Maromandra, diatrikan'i Toliara II. Ity fokontany ity rahateo dia handalovan'ny lalana hitaterana ireo fasimainty hotrandrahina. Noho ny fiatoan'ny tetikasa anefa dia maro ireo tanora tao an-tanàna tsy nanana asa fivelomana. Nanjaka vokatr'izany ny tsy



Mijoro amin'ny fanohanana ny fitrandrahana fasimainty ireo vahoaka ao Marofatike.

Antso avo
"Hitondra vahoalana ara-tsôsialy sy ara-toekarena ity tetikasa ity, satria hiteraka famoronana asa eny anivon'ireo fokontany sy kaominina. Ilay kaompania rahateo efa nanao fanekena fa hanatanteraka tetikasa sôsialy hositrarin'ny vahoaka ety ifotony, toy ny fanamboaran-dalana sy ny fametrahana fotodrafitra sôsialy

sy eo amin'ny sehatry ny fambolena.", hoy Rehida, mpikambana ao amin'ny dina kaominaly ao Marofatike. Samy mangataka ny fanokafana ity tetikasa ity avokoa, araka izany, ireo vahoaka ao amin'ny kaominina. "Tokony hotohizina ny asa sy ny fanomezana ny tombotsoa avy amin'ity kaompania ity. Tsy tokony hosakanana koa ireo tombotsoa tokony mbola ho azonay. Izany indrindra no mahatonga anay manao

antso avo amin'ny fitondram-panjakana mba hamerina ny fanokafana ity tetikasa ity.", hoy Rebila Remosa, mpikambana iray hafa ao amin'ity dina kaominaly ity. Nohamafisin'i Jean Remoko, tanora ao amin'ny fokontany, koa fa mankasitraka ny fanokafana ity tetikasa ity izy ireo ary tsy tokony hosakanana, hoy ity farany, ny fampandrosoana hoentiny ity tetikasa.

R. Muray

Eran-tany / Niger

Mahakasika ny toe-draharaha misy ao Niger, nanao fanambarana ny lehiben'ny tetezamita Général Tchiani fa mitsahatra hatreo ny fanondranana uranium makany

Frantsa. Mikatona avokoa ny sisin-tanin'i Niger amin'izay mifandray amin'ny i Frantsa. Ankilany, nilaza ny filoha frantsay, Emmanuel Macron, fa manome 7

andro ny fanjakana nigériana mba hamelana malalaka ireo teratany frantsay hiala ao Niger, ary mangataka ihany koa izy ireo mba hamotsorana ny filoha teo

aloha Mohammed Bazoum, mbola voatazon'ny miaramilan'ny général Tchiani.

Le Parisien

Sampam-pianarana lalàna sy Siansa politika Nampiato ny asa sy fampianarana rehetra

"Taorian'ny faniratsirana sy ny tsy fisian'ny fiheverana ny mpampianatra mpikaroka, dia nivory androany izahay mpikambana ao amin'ny kolejin'ny mpampianatra ao amin'ny Fakiolten'ny Lalàna sy ny Siansa Politika, ka nanapa-kevitra ny hampiato ny asa sy ny fampianarana rehetra mandra-pilaminana vaovao", hoy ny solontenan'ireo mpampianatra mpikaroka eo anivon'ny fakiolten'ny Siansa politika taminay omaly. Ho firaisankina ihany koa amin'ireo mpampianatra vakatera mbola tsy voalao tambinkarama tanteraka nanomboka ny taona 2018-2019. Ho fanehoana ny firaisankinan'ny mpampianatra mpikaroka dia tsy ara-drariny raha tsy mijery ny fitsipiky ny fiheverana ny tsy manan-tsiny taorian'ny zava-nitranga tamin'ny bakalorea 2023 farany teo, izay isian'ny fanendrikendrehena mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ho niray tsikombakomba tamin'ny laza adina nivoaka nialoha. Tsiahiaina moa fa mbola mitohy ny oniversite maty eny Ankatso amin'ity herinandro ity ka amin'ny alatsinainy faha-7 aogositra 2023 ho avy izao indray vao hanao tombana sy hanao fivoriambe ny Seces sampana Antananarivo.

Heriniaina A.

Fialan-tsasatra lehibe

Fiara manodidina ny 180 eo no miainga etsy amin'ny Maki isan'andro

Mitovitovy tamin'ny taon-dasa ihany ny isan'ny fiara mivoaka etsy amin'ny toby fiantsonana Maki Andohatapenaka. Araka ny fanazavan'i Fidy Ranaivoson, mpitantana izany toerana izany, dia manodidina ny 180 eo ny isan'ny fiara mivoaka eny an-toerana isan'andro ary mihazo ny RN1, RN2, RN4, RN6 izy ireo. Ny 45 isanjato amin'ireo mihazo an'i Toamasina avokoa. Tsy misy fiantraikany firy ny fiakaran'ny saran-dalana, fa na izany aza hita fa sahirana ny olona. Tany amin'ny taona 2019, efa tafakatra hatrany amin'ny 290 ny isan'ny fiara mivoaka mitatitra olona tetsy Andohatapenaka. Lasa taraiaky any amin'ny faritra ireo fiara ka vitsy no miasa mitatitra olona. Etsy ankilan'izany, ny lalana potika tanteraka, ka amin'izao fotoana izao dia lasa 14 ora ny fotoana hanaovana ny lalana Antananarivo Mahajanga, mety mihoatra aza raha fiara iva. Entanina kosa mba hiaraka maromaro ny fiara rehefa mandeha amin'ny alina mba hisorohana ny karazan'olana. Manentana hatrany ireo mpitatitra mba ho mailo, hisorohana ny loza. Betsaka tokoa mantsy ireo fiaran'olon-tsotra mandeha miala sasatra. Ny ankamaroan'izy ireny tsy za-dalana kanefa lavadavaka feno ka raha tsy malina dia mety hitera-doza. Mba ho fialan-tsasatra lavitry ny loza no hisy sy hiarahan'ny fianakaviana. Hatreto dia i Mahajanga sy Toamasina no be mpandeha indrindra. Tsy vitsy ihany koa ireo manao "voyage organisé", izay entanina hiditra ao anatin'ny sehatry ny matihanina.

Nath

Gazetiko

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetiko@gmail.com
D.L.I : 16 210 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

Toast mamy na masira
Zavatra ilaina: 500gr lafarina, levure saf instant 1 sachets, 4 soto menaka, 1 cac sira, 1/2 cac siramamy. (Mifamadika ny fatra siramamy sy sira, miankina amin'ny hoe hataonao masira sa mamy ilay izy), atody 1, rano 20 cl matimaty
Fikarakarana azy: Ataovy anaty bol ny rano matimaty, levure, farine 1 soto (alaina amin'ilay 500gr) ataovy miao 30 mn. Ataovy anaty koveta ny lafarina, dia goahy ampo-vonany. Ataovy ao daholo ny fangaro rehetra. Ary farany, arotsaka ao ny leviora nolo-mana teo. Koseho hitambatra boule. Saromy lamba dia avelao hitombo avo roa heny ny habeny. Tapitra ny fiatoana, koseho 15 à 20 mn eo dia zara-zara. Saromy lamba indray mandritra ny 30 mn dia endaso amin'izay. Tsihifo rehefa masaka, dia azo sesefana. Sesika azo atao sardine, thon, toton-kena, akoho, chantilly na crème pâtissière.